Izay mitam-piadiana hamely anay dia tsy namanay

Tatitra azo avy amin'i Abou Mousa Al-Ash'ari (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Izay mitam-piadiana hamely anay dia tsy namanay."
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Mampitandrina ny Mpaminany (S.A.W) ny amin'ny fitondrana fitaovam-piadiana hanoherana ny mpino silamo, mba hampitahorana azy ireo na handroba azy ireo. Ka izay manao izany tsy ara-drariny dia nanao heloka bevava sy fahotana lehibe, ary mendrika izany fandrahonana mafy izany.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/2997

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee